# MOFONAINA 29 OKTOBRA 2024 – Romana 12:1-2

**FANDAHARANA:**

- **F iantsoana sy Fiderana :** Salamo 119:57-64
- **Hira:** 18/1.2.3 (FFPM)
- **Vavaka**
- **Hira:** 480/3
- **Soratra Masina:** Romana 12:1-2
- **Hira:** 619/2
- **FMSM**
- **Vavaka**
- **Hira:** 446/1
- **Tsodrano**

---

**Romana 12:1-2**

## 1 – NY BOKY

1.1 **Fandraisan'anjaran'ny tsirairay**

1.2 **Fanampiny**

1.3 **Drafitry ny boky**

---

## 2 – FAMARITANA NY TEKSTA SY RAKI-BOLANA

2.1 **Famaritana ny Teksta**
Ity teksta ity dia ao anatin'ny fizarana milaza ny fampiharana. Ny fampiharana ny fiainana kristianina dia manomboka amin'ny fanoloran-tena feno sy ny foto-pisainana manaiky hiova.

**Tari-dalana Famakafakana ara-Baiboly:**

- **Romana 12:1:** Deo 6:5; Deo 12:13; Lev 20:7-8; Sal 51:17; Mat 16:24; Mar 12:33; Lio 9:23; Jao 15:13; 1 Kor 6:19-20; Fil 1:20
- **Romana 12:2:** Lev 11:44a; Lev 20:26; Sal 119:11; Isa 55:8-9; Mat 5:8; Mat 6:24; Efe 4:23-24; Kol 3:2; 1 Jao 2:15-16

2.2 **Voambolana**

- **Fanatitra velona (Rom 12:1):** "Thysia zosa" – Milaza fanolorana ho an'Andriamanitra ary mikendry fahamasinana sy fihavanana. Velona na manana aina izany hoe tsy maty na vonoina toy ny nentim-paharazana fa velona sy miaina: Ny fiainana manontolo no fanatitra (vavaka fanolorana).
- **Marina (Rom 12:2):** "Agathos" – tsara, marina, mahafa-po araka an'Andriamanitra.

---

# 3 – IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY AMIN'NY TEKSTA

3.1 Ny famindram-pon'Andriamanitra izay vokatry ny fahasoavany no ahazoantsika manolo-tena.
3.2 Ny fahavelomana manontolo ny fanoloran-tena.
3.3 Ny fanompoana dia ara-panahy, miainga any anaty hitan'Andriamanitra vao tazan'ny olona.
3.4 Ny fomban'izao tontolo izao dia tsy hahasarika ny mpino.
3.5 Ny fiainana ny sitrapon'Andriamanitra sy ny famantarana ny sitrapon'Andriamanitra dia mifamatotra.

---

# 4 – FAMPIHARANA: AOKA

4.1 **Aoka** hisaotra ny Tompo isika satria tsy afaka nanolotena ho azy raha tsy noho ny famindrampony.
4.2 **Aoka** ho fanompoana ny fiainantsika (teny sy asa).
4.3 **Aoka** tsy ho fisehoana ivelany na ho fombafomba mahazatra ny fanompoana ataontsika (fanompoam-panahy).
4.4 **Aoka** harovantsika ny soatoavina Kristiana (Fantaro ny rivotra mitsoka ary tohero izay tsy araka ny sitrapon'Andriamanitra).
4.5 **Aoka** halalinina ao anatin'ny fiainam-bavaka ny Soratra Masina mba hahalalana ny sitrapon'Andriamanitra.